



***Tsy nafeniko tamin'ireo nandatsa Ahy ny tavako,  
ary fantatro fa tsy ho menatra Aho.***

Ry Kristianina havana, hatramin'ny nanombohan'ny karemy no nanomana ny fontsika tamin'ny ezaka maro samihafa isika ho fanoherana ny ratsy mba hanaovana ny soa misimisy kokoa. Ady sady Dia no nametrahantsika ny lèlana nianantsika an'izao karemy izao. "Ady" amin'ny ratsy rehetra izay mampisaraka antsika amin'Andriamanitra dia ny fanapotehana, ny famonoana, na amin'ny teny ataontsika amin'ny mpiara-belona aza izany na amin'ny eritreridratsintsika, na amin'ny adidy tsy vitantsika, na amin'ny fanapotehina ny tontolo iainana ka hitantsika ny vokany. "Dia" mankany amin'ny fiainana miaraka amin'i Kristy Ilay tsy miova omaly anio ary mandrakizay. Raha mamakivaky ny fiainana miaraka Aminy isika ka miaramaty Aminy amin'ny fahotana dia hiara-hitsangana Aminy koa miditra amin'ny fiainam-baovao. Io fidirantsika amin'ny fiainam-baovao io no

lazaintsika "DEPART VAOVAO", fiaingana vaovao hirosoantsika ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Mitaky safidy matotra io firosoantsika io. Izany no ataontsika amin'ity herinandro masina ity ka iarahantsika amin'I Jesoa. Tanteraka izany raha vonona isika hanao "changement radical de comportement", fiovam-penitra mahery vaika ny fitondran-tena" ka fitondran-tena maneho ny maha zanak'Andriamanitra. Izany ny Paka, ny vokatry ny fankalazana ny Paka raha tsy izany dia hetsika ety ivelany fotsiny

Vakiteny I : Iz. 50, 4-7

Tononkira : Salamo 21

Vakiteny II : Fi1. 2, 6-11

Evanjely : Mk.14, 1 – 15, 47

Jesoa. Tanteraka izany raha vonona isika hanao "changement radical de comportement", fiovam-penitra mahery vaika ny fitondran-tena" ka fitondran-tena maneho ny maha zanak'Andriamanitra. Izany ny Paka, ny vokatry ny fankalazana ny Paka raha tsy izany dia hetsika ety ivelany fotsiny

Paka fandalovana miala amin'ireo fifandraisana potika isika ka noho I Jesoa Fihvanana nandatsaka ny rany teo amin'ny hazofijaliana dia niravina indray ilay fihavanana potika na

tamin'ny zava-boary na tamintsika samy isika na tamin'Andriamanitra. Izao Paka izao tokoa no mampibaribary fa nampihavan'I Jesoa tokoa isika ka ny FIHAVANANA NO MANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO.... MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY

Izay no tanjona fa tsy maintsy makivavky ity herinandro masina ity isika.

Amin'izao Alahadin'ny Sampankazo izao dia miara-miditra amin'i Jesoa ao Jerosalema isika. "Miara-miakatra ho any Jerosalema", hoy ny Papa. Jerosalema tanàna masina, tanànan'ny fandriam-pahalemana, tanànan'ny fiadanana, tananan'ny fihavanana. Miara-miditra amin'i Jesoa koa isika ankehitriny mba hiombona Aminy amin'ny fijaliana ka amin'izay manantena fa hiara-hitsangana Aminy koa. Izany ny misterin'ny Paka ankalazaintsika.

Mankalaza ny nijalian'i Jesoa isika ka mankalaza koa ny fitsanganany velona amin'ny Paka. Paka fandalovana izany hoe : "passage". Nobanjinintsika izany fijalian'i Jesoa izany isaky ny nanao ny làlan'ny hazofijaliana isika fa indrindra tamin'ny niarahantsika nanao ny pelerinajy teny amin'ny "montagne des français". Koa amin'izao Alahadin'ny sampankazo izao dia miara-miditra amin'ny Herinandro masina isika mba handinika bebe kokoa ny fitiavan'Andriamanitra, ny famindram-pon'Andriamanitra.

Ny Herinandro masina dia tsy hoe fibanjinana ny fijalian'i Kristy no tanjona. Ao anatin'ny fibanjinana ny fijaliana dia ny fibanjinana ny fitiavan'Andriamanitra no hitantsika miharihary amin'ny alalan'ny fijalian'i Jesoa kristy ho antsika. Mibaribary eto ny fahatanterahan'ny famonjena antsika. I Jesoa izay nanolotra ny tenany ary maty ho antsika. Isan-taona isika no manatanteraka izany fibanjinana ny fitiavana amin'ny alalan'ny fahafoizan-tenan'i Kristy izany kanefa tsarovy ry Kristianina havana fa tsy hoe mahatsiaro fotsiny isika fa noho ny asan'ny Fanahy masina dia miditra tanteraka amin'izany Herinandro masina izany isika ka miaina tanteraka izay nanjo an'l Kristy. Maninteraka ny fiainantsika ny fankalazana ka mahatonga antsika hitoetra bebe kokoa amin'i Jesoa sy itoerany mba hamokatra ny fiainantsika.

Izany no dikan'ny Paka : hamokatra aim-baovao hoentintsika amin'ny fiainana andavanandro na dia eo aza ny adim-piaianana sy fahasahiranana satria efa nandresy i Kristy araka ny hira ataontsika ny Asabotsy masina.

Ireo vakiteny aroson'ny Eglisy androany dia tsara ho dinihintsika tsara fa làlam-pamonjena ho antsika izay azo lazaina fa zavatra anankiroa no ankalazaintsika amin'izao Alahady sampankazo izao dia ny fidiran'i Jesoa Kristy ao Jerosalema izay mampiditra azy amin'ny fijaliana. Sady mankalaza, mihoby azy Mpanjaka isika no mandinika ny fijaliany. Zavatra roa toa mifanohitra tokoa raha mason'izao tontolo izao no ijerentsika azy. Tsy mahagaga izany satria tamin'ny fidiran'i Jesoa tao Jerosalema dia fifaliana, fihobiana, firavoravoana no nandraisan'ny olona azy, nihoby ny olona rehetra nanao hoe " Hozana, hozana, hosoavina anie ny fanjakan'i Davida". Izany tokoa Mpanjaka izy. Vetivety eo ireo olona ireo ihany no nangataka azy ho helohina sy ho fantsihana... Azo lazaina fa tandindon'ny fiainantsika satria matetika isika izay mihoby ihany, isika izay manao hozana no matetika miova ka

miantsoantso araky ny henontsika ao amin'ny evanjely hoe "fantsihos, fantsihos amin'ny hazofijaliana". Izany no mampibaribary fa mivadibadika ny fiainantsika olombelona fa Andriamanitra kosa tsy miova. Izany no tian'ny Eglizy ho tsapantsika amin'izao fidirana amin'ny Herinandro masina izao : mety miovaova isika, mivadibadika ny fomba fijerintsika na ny fiainantsika koa aza noho isika mpanota fa Andriamanitra tsy mivadika amin'ny fitiavany. Tena hery ho antsika no maheno izany amin'izao vanim-potoanan'ny krizy izao izay mahatonga ny maro milaza fa ozona ve? . Mazava fa isika no be siasia, isika no miovaova fa Andriamanitra fitiavana ka na dia eo aza ny fahotana miteraka korontana, Andriamanitra tsy miova amin'ny fitiavany ka naniraka an'I Jesoa. Nanaiky ho fahotana, Izy izay tsy nanota mba hanafaka antsika amin'ny fahotana. Fampianarana lalina ho antsika ireo vakiteny renesintsika niany.

Tsara ho tsapantsika koa amin' ny Evanjely androany izay mitantara ny fijalian'i Jesoa araky ny nanoratan'i Md Marka azy ny tenin'ilay kapiteny hoe : "Tena zanak'Andriamanitra tokoa io lehilahy io" rehefa nibanjina an'i Jesoa izy. Azo lazaina fa fiekm-pinoana lehibe izany ka anjarantsika ny manao dingana hifikirantsika bebe kokoa sy hitoerantsika amin'i Jesoa. Ny sasany kosa naneso sy nanenjika an'i Jesoa ary nankahala Azy aza, I Jesoa kosa anefa tsy nihontsona tamin'izany fa nanolotra ny ainy. Fampianarana lehibe ho antsika izany na dia maro ireo mpaneso sy mpanenjika antsika eo amin'ny fiainana ary indrindra mety poretin'ny fiainana isika ka mety ho trathy ny fakam-panahy tahaka ny nanjo an'ireo ao amin'ny Evanjely ka nandao an'i Jesoa dia fantaro fa i Jesoa tsy miova omaly sy anio, rahampitso ary mandrakizay, tsy miova ny fitiavany antsika. Izany no banjinintsika amin'ity Herinandro masina hidirantsika ity ary manampy antsika ny Eglizy raha manolotra ny vakiteny fijalian'i Jesoa dieny izao Alahadin'ny Sampankazo izao.

Ny fibanjinana ny fijalian'i Jesoa Kristy izay midika FITIAVANA dia mampahatsiahys ireo toetra dimy hahatonga antsika ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA mpanorina ETA EGLIZY TRANOBEN'ANDRIAMANITRA. Tsy irery isika amin'izany fa miaraka amin'i Masina Maria. Izy no milaza amintsika tahaka ny nataony tamin'ny Apostoly : "ataovy izay lazainy aminareo". Hanambarantsika fa miroso tokoa isika dia fenointsika ireo sajoe saota : " Mivavaka, mandalinam-pinoana, mikatroka, mivory, mankalaza... Fantatsika fa tsy misaraka amin'ny toe-panahy dimy ny famenoantsika ny sajoe saota izany no tsy maintsy lalana hanorenantsika ny Eglizy Olona Velona sy hahatonga antsika ho taranaka mpanorina.

Ry kristianina havana azontsika ognona tsara izao fa tena fijanona lehiba amin'ny fiaraha-dia ataontsika amin'izao kongresy izao ity Herinandro Masina sy ity Paka manaraka ny messe chrismale sy ordination. Ny fijalian'i Jesoa Kristy ka namoizana ny aina teo amin'ny Hazofijaliana no nanorenan'Andriamanitra ho Eglizy, ho Olo Araiky ao Aminy. Fahariana vaovao ny voketry ny fijalian'i Jesoa. Izay koa nirintska miatrika izao KRIZY MARO LAFY izao. Manaraka izany noho ny fiombonantsika amin'ny fijaliana amin'I Kristy dia mampianatra antsika hanova ny fontsika ka zary be fitiavana sy hiaina tahaka Azy, tahaka ny Fony Masina

mivelatra amin'ny rehetra mizara ny famindram-po sy famelan-keloka. Raha mibanjina ny fijalian'i Jesoa isika dia ho hitantsika ireo toe-panahy dimy iezahantsika hiaianana bebe kokoa.

Ny FAHAFOIZANA izay mibaribary tanteraka amin'ny fijalian'i Jesoa satria nahafoy sy nanolotra ny ainy Izy. Io tokoa ny lalan'ny Fihavana ka izany koa no tsy maintsy lalana hahafahantsika mametraka FIHAVANANA SADY KRISTIANINA NO MALAGASY

Ny FAHASAHIANA izay hitantsika ao amin'i Jesoa koa. Tsy misy tahotra Izy, tsy navozo Izy, tsy misy zavatra nampatahotra Azy fa nijoro ho zanak'Andriamanitra Izy. Izay no nanaitra an'ilay kapiteny na dia teo aza ireo zavatra maro manodidina dia ny fahasahiany no mibaribary amin'ny hazofijaliana io. Mila fahasahiana ihany koa ny fampijorona Fihavanana hanasitrana an'izao tontolo izao

Ny FITIAVAM-BAVAKA, tsy nisaraka tamin'Andriamanitra Rainy i Jesoa fa nivavaka izy teo amin'ny hazofijaliana. Vavaka tokoa no laharanon'ny tena fihavanana sady kristianina no malagasy

Ny FANDRAISANA AN-TANANA sy FAHARETANA izay hita nibaribary tokoa raha nanaiky nanolotra ny ainy ho vonoina teo amin'ny hazo fijaliana Izy ho famonjena antsika. Nanana faharetana Izy tamin'ny fijaliana, ny kapoka, ny ratra, ny fanesoana nanjo azy tsy nihontsona Izy. Tsy mora

NY FANENTREN-TENA, tena feno fanentren-tena i Jesoa, mibaribary izany amin'ny fijaliany raha nanaiky ho faty Izy, nanaiky ho vonoina "*Natolotro tamin'ny mpikapoka ahy ny lamosiko; ary tamin'ireo nanongotra ny volombavako, ny takolako; ary ny tavako tsy nafeniko tamin'ny latsa sy ny rora. Fa ny Tompo Andriamanitra namonjy ahy, ka ny latsa tsy nahaketraka ahy; ka ny tavako nataoko manahaka ny afo vato ary fantatro fa tsy ho menatra aho*

Ny vokatr'ireo dia NY FIHAVANANA ILAY FIHAVANANA SADY KRISTIANINA NO MALAGASY HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO... MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY KA MIFAMPITSIMBINA MIFANASAOA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA

Hararaotintsika ary izao Herinandro masina izao hidirantsika bebe kokoa amin'izay fihavanana atoltr'I Jesoa antsika. Ho hitantsika fa mifanojo tsara amin'ireo voalazantsika teo aloha.. Ny lalana natoron'i Jesoa sy nijorany no tsy maintsy ho lalana hizorantsika ihany koa eo amin'ny fanorenana ny EOV VITA BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA IRAHIANA MISIONERA TABERNAKLA VELONA ary indrindra ianareo tanora nanokana an'ity andro ity ho fiomanananareo amin'ny Kongresy Eokaristika. Raha te ho "Génération de bâtisseurs" ianareo tanora dia tsarovy fa io lalana natoron'iJesoa sy nijorany io no lalana fa tsy izay atolotr'izao tontolo mitondra amin'ny fanapotehana. Tandremo tsy voafitaky ny lojikan'izao tontolo izay manangana fanatontoloana noheveriny ambiombona nefo tontolom-piainana manapotika sy mifanapotika anjakan'ny herisetra...

Raha mibanjina ny fijalian'i Jesoa isika dia mahita fa mbola mijaly i Jesoa ankehitriny amin'izao andro iainantsika izao vokatr'ireo fanilikilihina, amin'ny alalan'ireo izay miaina tanteraka anatin'ny fitapitaka sy ny risoriso ka izay indrindra no mahatonga antsika tsy maintsy miady miaraka Aminy amin'izao fidirantsika amin'ny Herinandro masina izao. Ianareo tanora indrindra no tena victime, mitondra faisany noho izao krizy maro lafy izao Aoka isika hahatsiaro ireo voahilikilika, ireo izay ankahalaina sy ireo izay potehina, ireo misedra ny herisetra isan-karazany. Aoka isika ho vonona koa hiady miaraka amin'izy ireo, izay no mampiombona antsika amin'ny fijalian'i Jesoa.

Ny vakiteny faharoa, ny taratasin'i Md Paoly, rahateo dia mampianatra antsika hanana ny fanentren-tena nananan'i Jesoa, “*Na dia tao amin'ny fomban'Andriamanitra aza i Kristy, dia tsy nihevitra ny fitoviany saranga amin'Andriamanitra ho zavatra nobaboiny, fa nialany izany tamin'ly naka ny fomban'ny mpanompo, ka tonga mitovy amin'ny olombelona, sy hita ho olombelona tamin'ny fisehoany rehetra, ary nilatsa-tenany ho ambany, hanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia fahafatesana tamin'ny Hazo fijaliana*”. Izany no lalananofidin'i Jesoa ary mampianatra antsika Izy. Izany no lalana hahazahoantsika ny famonjena.

Manana modely nivelonan'izany isika dia i Lucien Botovasoa Olontsambatra, I Victoire Rasoamanarivo Olontsambatra. Notsongaina izy ireo satria raim-pianakaviana ary renimpianakaviana satria ny fianakaviana no mitondra ny tsy eran'ny ainy amin'izao. Niatrika izany koa ireo Olontsambatra ireo tamin'ny fotoan'andro fa nifikitra nibanjina ny fijalian'i Jesoa ka ohatra velona ho antsika fa indrindra ianareo tanora satria tanora tahaka anareo i Lucien Botovasoa.

Aoka isika hahay hananararaotra izao fotoana izao mba hiombonantsika bebe kokoa amin'i Jesoa, raha miara-maty amin'i Jesoa amin'ny ratsy rehetra isika dia hiaraka hitsangana Aminy koa.

Ry Jesoa Kristy zokinay ô, nanaiky ny ho faty teo amin'ny hazofijaliana lanao, nanaiky ho faty ho anay, mankasitraka sy mankatalina Anao izahay.

Ampianaro izahay hitoetra tanteraka ao Aminao ary lanao hitoetra ao aminay na inon-kidona na inon-kihatra ka ho vonona tanteraka izahay hananteraka ny sitraponao izay nanaiky ho vonoina ho famonjena anay. Enga anie izahay hiombona Aminao tanteraka, ampirisihy izahay hanaraka Anao tsara amin'ity herinandro lehibe Herinandro masina ity. Omeo hery izahay tsy hisaraka Aminao ka hiaraka Aminao hatramin'ny farany. Enga anie izahay hifankatia tokoa satria izany no ambaran'ny fijalianao sy ampianarinao anay. FIHAVANANA NO VOKATRY NY FIJALINAO ILAY FIHAVANANA MANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO. Mitodika aminao izahay, ry Md Josefa, mila baba izao andro izao, hoy ny Papa, koa enga anie hahay hanararaotra an'izany izay rehetra manana andraikitra mitarika olona ary indrindra ny Raim-pianakaviana mba hibebaka hihavao ka vonona hivelona ny vokasiona maha-Ray azy. Masina Maria Reny mivawahà ho anay mba hifikitra amin'ny Lakroa izahay handray ny famonjena nentin'i Kristy. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson